

# Raha maty ianao anio, ho aiza ?

## Fanontaniana iray manan-danja

Io no fanontaniana tokony hapetrakao amin'ny tenanao, raha vao mandray an'ity takelaka ity ianao. Tsotra ny antony : « *Ary tahaka ny nanendrena ny olona ny ho faty indray mandeha, ary rehefa afaka izany, dia hisy fitsarana* » (Hebreo 9.27), hoy ny Baiboly. Raha mandà tsy hiatrika ny fahamarinana ianao fa te-hijanona hatrany ao amin'ny manjavozavo, dia tataovan-doza satria hifanatrika amin'Andriamanitra aorian'ny fahafatesana. Hifanatrika Aminy toy ny Ray izay hitsena anao eo an-tokonana ve ianao, sa hifanatrika Aminy toy ny Mpitsara izay hamoaka **didy tsy azo ivalozana** ny aminao ? Didy haharitra mandrakizay izany ! Tsarovy anefa fa tsy zakan'Andriamanitra ny fahotan'ny olona, ny fahotantsika. Raha mijery avy eny andanitra Andriamanitra, dia olona tsy mba manao izay mahafaly Azy no ahitany anao. Miaina araka ny filàna maha-olona anao ianao, entanin'ny filàn'ny fonao, ary manao ny sitraponao, izay tsy mifanaraka amin'ny an'Andriamanitra. Noho izany dia toy ny maty ara-panahy no fahitàny anao noho

ireo fahadisoanao sy helokao. Tsy ny fiezahanao hanamarin-tena hoe tsy manao ratsy no hahafahanao manova ny didim-pitsaran'Andriamanitra aminao ; satria tsy ny fijerin'ny inona, fa ny fijerin'Andriamanitra.

## Inona àry no tokony hataonao ?

Voalohany indrindra, **ny ekeo ny fitsaràn'Andriamanitra anao**. Mpanota very ianao ary mendrika ny hiharan'ny fanamelohan'Andriamanitra ka ho tafasaraka Aminy mandrakizay.

Manaraka izany, aoka ho fantatrao fa **tsy mahavonjy tena ianao** : tsy hahafa-po an'Andriamanitra na oviana na oviana ny ezaka ataonao, satria avy amina loharano maloto tsy zakan'Andriamanitra no niaingany. Porofon'izany : “...*tahaka ny nidiran'ny ota avy tamin'ny olona iray ho amin'izao tontolo izao, ary ny ota no nidiran'ny fahafatesana ka nahatratra ny olona rehetra ny fahafatesana, satria samy efa nanota izy rehetra*”, hoy ny Soratra Masina. (Romana 5.12)

Noho izany, avy any an-kafa ny famonjena. Ao amin'i Jesoa Kristy, izay tonga tetỳ antany mba hamonjy ny mpanota. **Naka ny**

**toerana mendrika ho anao lzy, maty teo ambony hazofijaliana**, satria “*fahafatesana no tambin'ny ota*”, hoy ny Soratra Masina (Romana 6 .23). Ny fahotanao io nentina teo amin'ny hazofijaliana io. Nefainy ny tombam-bidy notakin'ny ota, raha maty nisolo voina anao olo-meloka lzy. Sitrak'Andriamanitra ny hahavoavonjy ny olona rehetra sy ny hahatongavany amin'ny fibebahana, noho ny hatsaram-pony.

Aoka ianao **hanetry tena ka hanaiky** ny toerana maha-mpanota anao, sy hanaiky ny hasarobidin'ny sorona nataon'i Jesoa teo amin'ny hazofijaliana. Nalatsany ny rany mba ho voadio amin'ireo fahotanao marobe ianao; mandraka androany io ra io dia mbola manan-kery hanadio anao, raha manaiky izany ianao.

## Rahampitso : ny fiainana mandrakizay

Ankoatra izay, mbola nampanantenaina ianao fa **fiainana mandrakizay no omeny izay rehetra manatona Azy**. Mazava ny tenin'ny Tompo Jesoa hoe : “*Izay mandre ny teniko ka mino Izay naniraka Ahy no manana fiainana mandrakizay ka tsy hohelohina ; fa tafafindra niala tamin'ny fahafatesana ho amin'ny fiainana izy*”

(Jaona 5.24). Izany no miandry anao raha manaiky ny Tompo Jesoa ianao, dia fanantenana velona sy fahazoana antoka fa raha maty ianao anio, dia misokatra ho anao ny lanitra.

Ankehitriny àry, anao ny safidy !

## **FIVAROTAM-BOKY**

### **KRISTIANA**

- Fianarana Baiboly maimaimpoana
  - Fivarotana boky kristiana amin'ny vidiny mirary
  - Fampindramana boky kristiana
- 

### **ANTANANARIVO**

#### **BIBLIOTHÈQUE CHRÉTIENNE MADAGASCAR**

Lot IV L 39 D  
Anosivavaka Ambohimanarina  
101 – Antananarivo

Tel : (+261) 20 23 330 67  
Portable : 033 15 552 35  
e-mail : [bibliothequechretienne@gmail.com](mailto:bibliothequechretienne@gmail.com)

**Raha maty ianao  
anio,  
dia ho aiza?**